Blue Ventures Conservation Andavadoaka, Madagascar

fiarovana fampianarana fikarohana

Nanomana fihaonana miaraka amin'ny mponina sy ny mpiray antoka amin'ny Tetikasa mikasika ny fisokafan'ny Valanjavaboahary An-dranomasina ao Nosy Fasy I Andavadoaka. Eo an-dalam-pifaranana ny fikatonany ny Valanjavaboahary.

Tatitra momba ny fikarohana, martsa 2005 - mey 2005

Fanangaroana ny trondro
Betsaka ny tsy fitoviana mikasika ny fanangaroana ny trondro eo amin'ireo karazana akorabato misy. Ny andinindiny ao amin'ny.
Pejy faha 2



Ny biby lehibe sy ny karazana mahaliana
Asa fandinihana 2 no notontonsaina tamin'ireo karazana an-dranomasina 'marefo' tany amin'ny akorabato mirakitra zavamanan'aina marobe tao Andavadoaka.
Pejy faha 2

Ny Fanisana ny Karazana Akorabato
Ny sary an-dranomasina mikasika an'Andavadoaka voaangona anaty raki-tsary dia nitombo isa indray ary azo jerena ao amin'ny tranokalam-pifandraisana (siteweb).
Pejy faha 2

Mihafotsy ny Vatohara any Andrefan'ny Oseana Indiana
Lasa ny loza nananontanina ny fiovan'ny lokon'ny vatohara any Atsimo Andrefan'I Madagasikara?
Pejy faha 3

Fiofanana mpitarika eny amin'ny Toeram-piarovana An-dranomasina
Nyvalanjavaboahary an-Dranomasina Arovana dia natao indrindra hampiroborobo ny fizahantany any amin'ny faritra, ny mponina ao Andavadoaka dia voahofana hanamory lakana sy ho mpitarika mpizahantany
Pejy faha 3

Valanjavaboahary an-Dranomasina
Eo an-dalam-panomanana ny fisokafana ny toeram-piarovana ny orita ao Nosy Fasy. Ny valanjavaboahary an-dranomasina misy ny orita tantanan'ny mponina dia tokana monja eto an-tany.
Pejy faha 4

Fanadihadihana ara-Tsosialy sy ara-Ekonomika
Fanadihadihana mialoha sy valin'ny fanisana ny mponina ao Andavadoaka izay natomboka tamin'ny volana mey 2004.
Pejy faha 4

Fanaraha-maso ny Akorabato

Toerana iray vaovao no nampidirina ao anaty ny Fandaharana Asa momba ny Akorabato izay an'ny Blue Ventures ao Andavadoaka. Betsaka ireo toerana voafidy teny amin'ny faritra ka efa nampidirina tao anatin'ny Fandaharana Asa Fanaraha-maso ka efa manana ny hitsiny voamarika sady maharitra. Nisy ny fahitana toerana akorabato kely iray teny am-povoan-dranomasina tany amin'ny Avaratra andrefan'ny akorabaton'ny Nosy Hao tamin'ny volana febroary. Ny talen'ny fisitrihana ao amin'ny BV no nahita an'izany, Andriamatoa Kit Gillibrand. Efa nohamarinina tamin'ny tsatoka ny toerana mba ahazoana hitsy 10 maharitra izay ho ampidirina ao amin'ny Fandaharanasa Fanaraha-maso ny akorabato.

'Fishbowl' no anaran'ilay toerana ary mitahiry karazana trondro miaina eny amin'ny akorabato maro izy sady mampisi-fanantenana ny fanirian'ny vatohara betsaka eo aminy. Tazana matetika eny amin'ny akorabato ny karazana Lutjanidae (Vivaneaux), Lethrinidae (Empereurs), Mullidae (goatfish) et Haemulidae (Sweetlips), sy trondro Vivaneau misy pentina roa, ny Lutjanus bohar. Ny fahitana an'io toerana vaovao io dia nampitombo ny faritra araha-maso. Heverina izy fa manana zavatra betsaka ampitahaina amin'ireo vondron'ny 'vaovao' eny amin'ny akorabato telo any atsimo atsinanan'ny Nosy Hao.

Ny fanaraha-maso natao tamin'ny alalan'ny fisitrihana vaovao teny amin'ny fari-dranomasina dia nahitana toerana vaovao maro teny amin'ny tanjon'ny akorabato andrefan'i Nosy Hao. Kanefa, ireo toerana ireo dia marivo ka tsy nampidirina ao anaty Fandaharanasa Fanarahamaso. Betsaka ny Monodactylidae (Monos), Lutjanus bohar, et de nombreux Acanthuridae (poissons chirurgiens et Unicornfish) hita ao amin'ireo toerana farany ireo.



Iray amin'ireo toerana eny amin'ny akorabato eny amin'ny sisidranomasina ao andrefan'ny Nosy Hao

Voadinika tao koa ny Humphead Wrasse undulatus Cheilinus (1-2m), trondro lehibe hita eny amin'ny akorabato ka ny fahataran'ny famaotiany, ny halavan'ny andro iainany, ny toerana fanatodizany izay azo fantarina mialoha, ny fiovan'ny taovam-pananahany (rehefa teraka izy dia hafa ny fitaovam-pananahany izay miova rehefa mandroso fahanterana izy) ary ny tsy fisiany firy dia mampaharofy azy nohon'ny fitrandrahana diso tafahoatra. Teo amin'ny kilasin'ny 'marofy' izy ao amin'ny lisitra menan'ny IUCN ary vao haingana izy no nivadika ho 'atahorana ho ringana'. Izy irery no trondro miaina eny amin'ny akorabato manana izany toetra ho tsy maintsy arovana izany. Ny toerana eny amin'ny tanjon'ny akorabato ao andrefan'ny Nosy Hao dia voamarika fa manintona ny trondro miaina any amin'ny ranomasina lalina rehefa folaka ny andro.

Fikarohana momba ny Fanangaroana ny Trondro

Vao haingana no nofenoina ny tahiry momba ny fanangaroana trondro tao amin'ny Tetikasa Fikarohana lavitrezaka momba ny akorabato. Ny tanjon'izany fikarohana izany dia ny fanangonana vaovao manamporofo fa ny fomba fanangaroana ny trondro dia samihafa eny amin'ny toerana maro misy eny amin'ny akorabato mitandahatra ao Andavadoaka.



Eto no ahitana ny antsipirian'ny valin'ny fikarohana natao.

Ny toerana misy ny akorabato mitomandavana ao Andavadoaka dia hita eny amin'ny sisiny avaratra'ny akorabato manamorona ny sisindranomasina izay manomboka any amin'ny 200 km atsimo, ao ambadiky ny Rindrim-ben'ny Akorabato ao Toliara. Tsy misy akorabato sakana ao Andavadoaka fa nosy kely mitandahatra misaratsaraka betsaka misakana no hita ao. Ny lehibe indrindra amin'izy ireny dia Nosy Hao. Tsy nisy fandinihana firy natao momba ny fanangaroana trondro teny amin'ny toerana samihafa eny amin'ny akorabato mitandahatra (akorabato manamorona ny sisin-dranomasina, eny amin'ny ampaham-bato anatin'ny farihy, ary ny akorabato eny aloha). Ny asa fikarohana dia manavoitra ireo fihasamihafana ireo rehefa atao ny fanangaroana ny karazana eo amin'ny karazana akorabato misy.

Ny Tetikasa Andrana dia natsangana mba hampivoitra ny fasamihafana rehetra rehefa afangaro ny trondro eny amin'ny toerana samihafa misy eny amin'ny akorabato. Tany am-boalohany dia ny fasamihafana teo amin'ny fampiharahana ny sakafo no nojerena, taty aoriana dia nitarina ho eny amin'ny fianakaviana, ny mahalahy sy ny mahavavy ary ny ambaratongan'ny karazana izany. Ny fandinihana rehetra dia notanterahin'Atoa Kit Gillibrand, manampahaizana momba ny fikarohana mikasika ny biby ao amin'ny BV sady Talen'ny fisitrihana an-dranomasina mba hampihena ny diso mety ataon'ny mpitsirika. Ny fandinihana dia nahompana tamin'ny fandrefesana ny fotoana tamin'ny famerimberenana filomanosana ambany rano mandritry ny 30 minitra. 6 herinandro no nanaovana ny asa ka anelanelan'ny amin'ny 9 ora maraina sy amin'ny 2 ora hariva no nanaovana izany. Ny valin'ny asa dia nampiseho fa misy ny fihasamihafana lehibe eo amin'ny fanangaroana ny trondro eny amin'ny karazana akorabato sy arakaraka ny halalin'ny rano.

Fanaraha-maso anaty ranomasina

Ny akorabato manodidina an'Andavadoaka dia malaza mitahiry zavamananaina an-dranomasina maro karazana ambony kalitao.Ny fanarahamaso vaovao anankiroa natao tamin'ny tamin'ny volana mey dia manamarina izany. Antsantsa léoparda mirefy 150 sm (Stegostona fasciatum) no sambany tazana teny amin'iny faritra iny. Tsy ny Blue Venture irery no nahita izany fa ny teratany Malagasy, miandraikitra ny Fanampiana amin'ny Asa Fikarohana koa dia nahita izany.

Io karazana io dia voakilasy ho anisan'ireo karazam-biby 'marefo' ao amin'ny lisitra menan'IUCN momba ireo karazam-biby atahorana ho ringana. Na dia tsy misy porofo mivaingana aza hita momban'ny fihenan'ny karazan'izany biby izany dia atahorana ho lasa haza ny sambo mpanjono goavana izy ireny.

Ny fandinihana faharoa dia mikasika ny trondro 'Mérou' lehibe, izay mirefy 225 sm (Epinephelus lanceolatus), trondro lehibe maro taolana hita eny amin'ny vato misy ny vatohara. Mpiasan'ny Blue Ventures miisa enina (6) no nahita izany, fa ny Talen'ny Asa fikarohana, Richard Nimmo no nahita azy voalohany tao anaty lavabato. Milanja eo amin'ny 250 kg izany trondro izany ary ireo mpikaroka niara-dia dia afaka nijery akaiky an'ilay trondro raha nilomano nivoaka ny lavabato izy, nandalo azy ireo ary nisitrika any dranomasina lalina. Ny 'mérou' goavana dia 'marefo' koa ao anaty lisitry ny IUCN

Ny Fanisana ny Karazana Akorabato

Ny fanampiny hafakely ao amin'izany toerana fitehirizana vaovao izany dia ity : indraindray ny fanaraha-maso ny fanjonoana no fomba iray ahafahana mandray an-tsoratra ny karazam-biby miaina any an-dranomasina lalina any, toy io Marlin Bleu io.

Ny sary momba ny ranomasina ao Andavadoaka dia nitombo isa vokatry ny asan'ireo mpikaroka miasa ao amin'ny Blue Ventures sy ny mpilatsaka antsitrapo nandritry ny enim-bolana farany. Ny sary vaovao dia momba ny Marlin bleu, mirefy 150 cm ary ny biby malemy an-dranomasina (nudibranche) 5 vaovao. Ny raki-baovao dia ahitana sary miisa 234 amin'ireo karazana trondro hita eny amin'ny akorabaton'Andavadoaka miisa 354. Hita ao amin'ny tranokalam-pifandraisann'ny BV daholo ireo (siteweb BV). Nampitomboana ny tetikasa mba hitehirizana ny biby an-dranomasina ary koa ny karazam-biby miaina eny amin'ny tany. Sary vaovao momba ny zavamaniry eny amin'ny tany, ny bibikely sy ny vorona no ampidirana isan'andro ao amin'izany raki-tsary mikasika ny zavamanan'aina maro karazana izany, izay tsy mitsaha-mitombo.

Nudibranche iray vaovao no voarakitra ao amin'ny tahirin-tsary

Fahafotsian'ny Vatohara any Andrefan'ny Oseana Indiana

Nisy ny filazana momba ny fahafotsian'ny vatohara tamin'ny volana martsa 2005 tany Atsimo Andrefan'ny Ranomasina Indiana. Vokatry ny hafanan'ny ranomasina tsy tsy ara-dalàna izy io ary ny NOAA (Fampandehanan-Draharaha Nasionaly momba ny atmosfera sy ny ranomasina) no nandefa izany filazana izany tany amin'iny faritra iny.

Ny fanaraha-maso teny amin'ny satellite ny fahafotsian'ny vatohara dia nampiseho fa ny tsindrin'ny hafanana mandritry ny fotoana maharitra no nampitombo ny fahafotsiany. Ny NOAA dia nitatitra fa any amin'ny faritra avaratra Atsinanan'I Madagasikara, Ny Nosy Maurice ary La Réunion no niharan'izany tsindrin'ny hafanana mikasika ny 4 DHW (Herinandro Hafanana Degré) izany. Izany hoe, mandritry ny efatra (4) herinandro dia mihoatra 1°C ny marimpana manondro ny hafanana heverina ho ambony indrindra mandritry ny fotoanan'ny andro mafana NA mandritry ny herinandro dia mihoatra 4°C ny marimpana manondro ny hafanana heverina ho ambony indrindra mandritry ny fotoanan'ny andro mafana.

Nisy ny fahafotsian'ny vatohara tany amin'ny Avatra Atsinanan'I Madagasikara tao aorian'ny filazana izay natao ny 15 ka hatramin'ny 18 martsa 2005 lasa teo. Ny Sahanasa an-dranomasina WCS dia nanamarika fa nahatratra 80% ny fahafotsian'ny vatohara mafy ary 50% ny vatohara miraikitra eny amin'ny ranomasina marivo. tao amin'ny Valanjavaboahary an-dranomasina tao Tampolo, any amin'ny Helodranon'i Antongila (Baie d'Antongil). Ny vatohara malemy, ny anémone ary ny palourde goavana dia voa mafy ihany koa. Ireo Mpikaroka miasa tany Rodrigues any amin'ny Repoblikan'I Maurice dia nahamarika fa nisy ny fahafotsian'ny vatohara. Ny fandinihana natao teny amin'ny akorabato dia nahita fa 100% ny karazana vatohara mafy, Acropora digitifera tratra ary mihoatran'ny 75% ny karazana hafa sy ny vondrona marina ny Acropora voa. Ny karazana hafa toy ny vatohara mafy, ny vatohara malemy ary ny zonathids kosa dia fotsy amin'ny ampahany ihany. Ny fanraha-maso natao vao haingana no nahafantarana fa ireo toerana nanaovana fanaraha-maso dia nahitana fahafotsiana avokoa, ka fahasimbana mahery vaika mihitsy no nahazo ny tany Avaratra sy ny tany Andrefana (nahatratra hatramin'ny 50% ny vatohara nihafotsy) Iny toerana iny dia tena voarakotra, nefa mora azon'ny mafana be ihany koa.

Soa fa tsy nahitana fahafotsian'ny vatohara tany amin'ny faritr'Andavadoaka. Ny maripana eny ambony ranomasina dia hihangatsiaka amin'ny volana manaraka satria efa miditra ny ririnina. Heverina fa tsy ho fotsy intsony ny vatohara any amin'ny faritra any Atsimo Atsinanana amin'ny amin'ity taona ity.

Fiofanana mpitarika eny amin'ny Valanjavaboahary Andranomasina ho Arovana

Ny lesona voalohany mikasika ny fitarihana an-dranomasina dia nofenoina vao haingana tao Andavadoaka. Ny fitsapam-pahaizana mba hahitana mpitarika an-dranomasina dia atao ato anatin'ny volana vitsivitsy. Ny fandrafetana ny lesona dia nosahan-dRamatoa Josephine Langley, Mpandrindra ny aratsosialy sy ara-ekonomika ao amin'ny Blue Ventures, niarahany tamin'ny mpianatry ny IHSM, Etienne Bemanaja sy Daniel Raberinary.

Ny tanjon'ny MPA Andavadoaka dia mba hampiroboroboana ny fizahantany momba ny fiarovana ny tontolo iainana mba hisian'ny fidirambola ho amin'ny fitantanana ny tetikasa sy mba hahafahana mampidi-bola maharitra iantohana ny fahazakantenan'ny tetikasa eo amin'ny lafiny ara-bola. Noho izany, ny mponina ao Andavadoaka dia voahofana mba hahay hanamory ny lakana sy hitarika ny mpizahantany sady eny ambony rano no any ambany rano. Ny Sahanasa dia natao mba hanohana ny fampandrosoana ny fizahantany any amin'ny faritra ary antenaina fa indray andro any ny vola ampidirin'ny fizahantany dia haharesy lavitra ny vola ampidirin'ny fanjonoana nentipaharazana.

Ny tanjon'ny fampiofanana rehetra momba ny fitarihana MPA dia ny hampidirana ny teknika sy ny fomba mba hahafahan'ny mpianatra ho tonga matianina. Ny lesona dia nikasika ny tontolo iainana fototra sy ireo lohahevitra mety hahaliana ny mpizahantany, manomboka amin'ny fampiharana any amin'ny alan-konka, any amin'ny akorabato, amin'ny alan'ny reniala (baobab) ary eny amin'ny tora-pasika. Ny lesona an-dakilasy dia mikasika ny toetr'andro, ny geology, ny ary ny tantara. Ny fiofanana dia nahafan'ny mpianatra nahazo fahalalana momba ny voambolana amin'ny teny frantsay, ny fandrafetana fehezanteny mahomby amin'ny fizarana fahalalana amin'ireo vahiny. Nahazo fiofanana momba ny fandraisan'olona sy ny

fanomanana, ny fiarovana koa ny mpianatra.

Betsaka ny tombontsoa azo'ny mpianatra hitarika mpizahantany taorian'ny fiofanana. Raha momba ny resaka fahazoam-pahalalana no resahana, dia nianatra teny vahiny sy ny tontolo iainana eny amin'ny faritra misy azy izy ireo. Hahafahany mampita tsara ny fahalalana noratovony any amin'ny fianakaviany sy ny namany. Satria, fomba iray ahazoam-bola ny Fitarihana ny mpizahantany dia heverina fa hitombo ny vola miditra ao aminy ary manambitan'izy ireo amin'ny fifandraisana sy fifaneraserana amin'ireo vahiny marobe anvy any andafin'ny riaka izy ireo.

Ny Toeram-piarovana An-dranomasina

Fihaonana tamin'ny mpiray dia amin'ny Tetikasa sy ny mponina ao Andavadoaka

Ny fihaonanan'ny mpiray antoka ao amin'ny Tetikasa MPA Andavadoaka, aprily 2005

Ny fihaonan'ireo mpiray antoka eo amin'ny tetikasa MPA Andavadoaka nandritra ny telo (3) andro dia notontosaina tamin'ny volana Aprily. Ny solontenan'ny WCS, IRD, MAEP, COPEFRITO ary ny FSP-GDRN dia nihaona tamin'ireo mpiasan'ny Blue Ventures sy IHSM tany amin'ny toeram-pikarohana Andavadoaka. Nisy ny fanokafana arapanjakana izay notarihin'ny Lehiben'ny Kaominin'ny Befandefa. Ny fivoriana dia nahafahana nanolotra ny tetikasa tamin'ireo mponina ao Andavadoaka ary nahafahan'ireto farany nametraka fanontaniana ihany koa. Ho an'ny mpikaroka ao amin'ny Blue Ventures, ny fihaonana dia nahafahany nanazava amin'ny antsipiriany ny asa notontosaina ao Andavadoaka. Izy ireo dia afaka nifanakalo hevitra tamin'ireo mpiray antoka amin'ny tetikasa izay sambany mba tonga namangy ny toeram-pikarohana.

Ny anaran'ireo mpiray antoka amin'ny tetikasa momba ny fiarovana andranomasina ao Andavadoaka:

IRD - Institut de Recherche et de Développement Ivo (Toerana momba ny Fikarohana sy ny Fampandrosoana)
CI – Conservation International
WCS - Wildlife Conservation Society
MAEP - Direction de la Pêche, Ministère de l'Agriculture, de l'Elevage et de la Pêche
FSP – Fonds de Solidarite Proprietaire "Gestion Décentralisée des Ressources Naturelles"

Ny fisokafan'ny Valan-javaboahay ao Nosy Fasy

Ny fisokafan'ny Valanjava-boahary misy orita ho Arovana ao Nosy fasy amin'ny fiandohan'nyvolana jiona, rehefa avy nikatona nandritry ny fito (7) volana dia vokatry ny fahafanampon'ny mponina ao Andavadoaka sy ny mponina eny amin'ny manodidina. Ny mponina ao Andavadoaka ihany no nanapaka fa ny Toerana misy ny orita ho Arovana dia misokatra rehefa misintona ny ranomasina mba hahafahan'ny vehivavy sy ny ankizy ary koa ny lehilahy mankany amin'ny akorabato. Ny mpiasa ao amin'ny Blue Ventures sy ny mpilatsaka an-tsitrapo dia hanara-maso ny vokatra azo nohon'ny fisokafan'ny MPA satria fantatra fa izy irery ihany aloha hatramin'izao no toerana misy orita tokana ho arovana tantanan'ny mponina eto antany. Ny raki-tsoratra azo avy eo dia zava-dehibe tokoa satria ahafahana mametraka ny drafi-pitantanana ny tontolon iainana ao amin'ny faritra. Ny mpiasa sy ny mpilatsaka an-tsitrapo dia ho any Nosy Hao mba hanao fandinihana ny fanjonoana orita. Ny mpikaroka ao amin'ny sehatry ny jono dia hanaramaso koa ireo mpanango-bokatra hividy ny orita eny amin'ny mpanjono.
Ny fivoahan'ny asa manaraka no handihandihantsika ny valin'ny voalohany manaraka ny fisokafan'ny Toerana Andranomasina Arovana ao Nosy Fasy.

NY Fanadihadiana ara-tsosialy sy ara-ekonomika

Nahavita fanisana ny mponina ao Andavadoaka ny Blue Ventures, izay asa natomboka tamin'ny mey 2004. Tamin'ny taona fanombohany, ny raki-tsoratra azo dia nikasika fianakaviana 160 ary olona 1090 . Raha ny fanisana no jerena dia 47% ny tahan'ny isa momba ny lehilahy raha 53% ny momban'ny vehivavy. Ny fizaran'ny taona dia manaraka ny pyramide eny amin'ny tany an-dalampandrosoana ka ny tahan'ny zaza latsaky ny dimy (5) taona dia 15% ary 52% ny tahan'ny ankizy latsaky ny 16 taona. Ny tabilao (1) no manolotra izany fizaran-taona izany.

Ny fifindra-monina

Ny fanadihadiana mialoha natao tamin'ireo raki-tsoratra dia nahita fa mitombo ny tahan'ny olona mifindra monina ao Andavadoaka. Betsaka ny olona tonga ao Andavadoaka nanomboka tamin'ny taona 2000 noho ny olona tonga tao anatin'ny folo ny folo taona lasa. Ny isan'ny fahatongavan'ny olona tao anelanelan'ny 1990-1999 dia inefatra avo heny nohon'ny fahatogavan'ny olona folo taona talohan'ireo vanim-potoana ireo.

Ny Asa fanao an-davanandro

Ny tabilao 2 (pejy faha-5) no mandravona ireo raki-tsoratra milaza momba ny asa ataon'ny mponina. NY asa voalohany ataon'ny lehilahy dia ny fanjonona 36%, ny fandehana any am-pianarana 31% ary mikarakara ny ankizy 18%. Ireo taha ireo raha atambatra dia manome 87%, izay asa fanaon'ny lehilahy.

NY asa fanaon'ny vehivavy kosa dia ny fandehanana mianatra 35%, ny mpikarakara tokan-trano 27%, mikarakara ny ankizy 19% ary ny fanjonoana dia 9%. 92% ny fitambaran'ny taha milaza momba ny asa fanaon'ny vehivavy.

Mihoatran'ny 65% ny asa fanaon'ny mponina izay tsy asa ara-ekonomika.

NY raki-tsoratra momba ny fanisana dia milaza fa ny 52% ny mponina ao Andavadoaka dia latsaky ny 16 taona.

Tabilao 1

	Lehilahy	Vehivavy	Lehilahy %	Vehivavy %	Totaliny	Totaliny %
Ambany 5	81	86	15.8	14.9	167	15.3
5 - 14	167	200	32.5	34.7	367	33.7
15 - 24	121	125	23.5	21.7	246	22.6
25 - 34	61	69	11.9	12.0	130	11.9
35 - 44	45	48	8.8	8.3	93	8.5
45 - 54	24	26	4.7	4.5	50	4.6
55 - 64	5	14	1.0	2.4	19	1.7
65 - 74	7	5	1.4	0.9	12	1.1
75 - 84	3	2	0.6	0.3	5	0.5
Ambony 85	0	1	0.0	0.2	1	0.1
Totaliny	514	576			1090	

Tabilao 2

	Ny totalin'ny isan'ny mponina izay manana manao asa	Ny tahan'isan' ny mponina izay manao asa	Asa manana laharam-pahamehana	Asa mitana ny laharana faharoa	Asa mitana ny laharana fahatelo
Ny fiompiana	9	0.8	0	5	4
Ny fanjonona	340	31.2	238	102	0
Ny fanangonana ny vokatry ny fan-jonoana sy ny fikararana/fanodinana	16	1.5	4	10	2
Fitaovana amin'ny jono ara-indostrialy	5	0.5	4	1	0
Sakafo sy zava-pisotro	30	2.8	9	20	1
Toeram-pisotroana sy ny entana	13	1.2	7	6	0
Mpivarotra enta-madinika sy ny varotra maro	8	0.7	2	6	0
Hotely Coco Beach	9	0.8	9	0	0
Olona misahana ny fivavahana	23	2.1	23	0	0
Ny mpampianatra	12	1.1	12	0	0
Hafa	23	2.1	14	9	0
Ny vehivavy mpikarakara tokantrano	169	15.5	154	15	0
Ny mpisotro ronono	2	0.2	2	0	0
Ny mpianatra	362	33.2	362	0	0
NY mpianatra any amin'ny fianarana ambony	12	1.1	12	0	0
Ny ankizy	204	18.7	204	0	0
Tsy nahazoana vaovao raki-tsoratra	24	2.2	24	0	0
	1261		1080	174	

Ny andinindinin'ny fanisana momba an'Andavadoaka dia azo jerena ao amin'ny tranokalam-pifandraisanan'ny BV ato ho ato.